

RAZANATSEHENO Hery Manana Alain

Araka ny efa voalaza dia mpamily mpitatitra entana (*“Chauffeur-livreur”*) ao Frantsa io Razanatseheno Hery Manana Alain io ary nanangana orinasa ara-dalana momba izany izy ny taona 2015.

Rehefa nanao fikaroana aho dia izao no tena marina. Tsy ireny *“prestataires”* antsoina hanampy rehefa misy delegasiona avy aty Madagasikara izy ity fa ay tena mpamily nanana fifanarahana ( *“chauffeur contractuel”* ) teo anivon’ny masoivohin’i Madagasikara ao amin’ny Unesco ao Parisy. Ary ny fanjakana malagasy no mandoa ny karamany. Izay no nahamora ny fampodiana azy taty an-tanindrazana.



**Roissy  Charles-de-Gaulle, salon d'honneur. Richard Ramamonjiarivelo, " Chef du Protocole" tao amin'ny Ambasadin'i Madagasikara ao Parisy**

Tsy misy hidiran'i Ramatoa Yvette Sylla -mitondra ny Repermad Unesco- mihitsy no nahatonga io Razanatseheno Hery Manana Alain io niasa tao. Satria rehefa nozoina tsara dia ingahy Richard Ramamonjiarivelo no nampiditra azy teo amin'io toerana io. Ary voasasa ny lohan'io mpamily. Satria tsara ho fantatra hoe iza moa ity Richard ity.

Olona tena nahay nilomano teo amin'ny fanaovana "polifika gasy" tokoa io Richard io. Niara-dia tamin'ny antoko Tim izy talohan'ny 2009. Fa nandritra ny Tetezamita dia nahay *"nambabo fo"* a ny ka lasa
*"Chef du Protocole"*
tao amin'ny ambasady malagasy ao Parisy ingahy Richard. Ny mivarotra fiara no talentany tamin'izany ary saika lafony daholo ny ankamaroan'ny fiara mitondra ny plaque CD 274… mbola hiverenan-tsika io resaka io.




Rehefa lasa Filoham-pirenena ingahy Hery Rajaonarimampianina dia nampiasan'ny talentany indray ingahy Richard ka lasa "mpanolontsain'i Voahangy" tampoka teo ary ny Volana marsa 2016 dia voatendry ho *"Directeur de Cabinet de la Premiere Dame"* izy. Toerana tsy hita ao amin'ny lalampanorenana satria ny Filoham-pirenena no voafidy fa tsy ny vadiny. Fa eto Madagasikara moa toa mety daholo ny tsy mety rehetra rehefa mba manana fahefana ny sasany…



Soamahamanina, 22 septembre 2016. Augustin Andriamananoro expliquant à Monsieur le Dir Cab de Voahangy, Richard Ramamonjiarivelo, que le feu qui a pris a été du aux grenades lacrymogènes lancées n'importe comment et n'importe où.
Mais le Richard a du faire un rapport à sa manière...

[illegible]


Richard Ramamonjiarijaona

[illegible]


Nitambatra hanaratsy sy hanao ratsy ny Filoha Rajoelina ireto filoha teo aloha naloam-bahoaka ireto noho ny fitiavan'izy ireo vola noho ny fitiavana ny vahoaka marina

[illegible]